



TARATASY FANENTANANA ATSIKA JIABY TSAIKY MADINIKY



NIHINTSIKA OLOBE, NIHINTSIKA MPANABE

« Nisy tsaiky madiniky maromaro nandesigny tami-nany biaka hamitrahany tagnana ndréky hivavahany nihindrô. Fa nandrara irô mare ny ampiantatra-nany. Kê nivolagna tamin-drô i Jesoa : « Avotsôra tsaiky aby io fa k'aza rarâna tsy hagnatono Zaho ; fa ny mira irô kony izy nihin'ny fanjakan'ny Laniry. » Léra baka namétraka tanana tamin-drô i Jesoa nanohy dia-nany. (Mt 19, 13 – 15).

Araka izay volagn'i Jesoa izay, Izy fo eky mikaike ny tsaiky hagnatono Izy. Ah zalahy ! Teky fitiavana bebe tamin'i Jesoa ankitigny anarô tsaiky jiaby ê ! Anarô tsaiky, tegna tian'i Jesoa ankitigny. Mety araraotinarô zegny tombom-pitiavagna anarô zegny. Mandao magnatono Izy, k'aza misalasala ! Fanontaniana : Ino mà avian'i Jesoa mankatia ny tsaiky ?




Ravoravo zaho indrindra amin'ny fidiran'ny Diosezy amin'ny fahatsiotampolo (60) taogno vaovao kê mandefa volagna aminarô Tsaiky tsaraikaraiky amin'ny Taogno Masignin'ny Famindrampo iziô ity izaho. Misiôneran'ny Famindrampo ankitiny anarô tsaiky. Tia hagnano zaka nataon'i Jesoa tamindrô tsaiky fanôjy Izy Babanarô. Kê k'aza mavozo anarô magnatono Jesoa fôtiny magnabiana fô-nany aminarô Izy. Mikaike ny anarô Izy hanjary Apôstôlin'ny Fo-nany Masiny. Hanjary Misiôneran'ny Famindrampo.

Mibiagna aminarô tsaiky ny tsiôtampolo taogno vaovao. Fôtotro itsanganan'ny tsiôtampolo taogno vaovao anarô... Kê izikà tsara ny fôtotro hirafitry tsara ny diosezintsika. Tsara ny fôtotro izikà magnabiagna fonarô amin'ny Fo Masign'i Jesoa anarô kê manjary Apôstôlin'ny Fo Masign'i Jesoa, hanjary Misiôneran'ny Famindrampo. Miambigny anarô tsaiky hiroso amin'ny lalindalina kê hanjary ho Apôstôlin'ny Fo Masign'i Jesoa, hanjary Misiôneran'ny Famindrampo. « Iniany baka ny ho avy fa tsy amaray izikà mirotsaka atsika Tsaiky jiaby ! »

Kê hivolagna anarô : Ino mà ataonay biaka ho tanteraka i zaka zegny ?

1. Anoho ho vôgnono hanokan-tena amin'ny Fo Masign'i Jesoa anarô isaka jomà vanalohan'ny fanjava magnano vavaka ity.

Andêsa olobenarô, ny zoky ndréky zandrinarô hiaraka mivavaka aminarô. Mitsangana ho Apôstôly anarô léra magnano i zaka zegny. Zaho matoky fa ho êfanarô i zaka zegny. Anoho manjary Apôstôlin'ny Vavaka anarô. Ho vitanarô ny mamporisika irô olo mikodidigny anarô hivavaka ndréky hanokan-tegna kâ amin'ny Fo Masign'i Jesoa. Léra fagnampodian-kaja ny Fo Masign'i Jesoa i tsiôtampolo taogno ziô ity.



Fanontaniana : Ambarà fomba ataonarô hanjary Apôstôlin'ny Vavaka ?

2. Anoho mitombo fahendrena ndréky fahasoavana.

« Kê nitombo ndréky nahay fatatra ny Tsaiky salakady feno fahendrena, kê tami-nany ny fahasoavan'Andriamanitra. » (Lk 2, 40)

Nambaran'ny Evanjely izeny fa nitombo fahendrena ndréky fahasoavana i Jesoa nagnaraka volagn'olobe-nany. Zahany ny ampandrafitra « charpentier » nahaizan'olo Jesoa tao Nazareta fôtiny tsy vôly nanampy an'i Jôzêfa babany Izy tamin'ny velon-tenan'ny fianakaviana. Kê Apôstôlin'ny Fo Masign'i Jesoa anarô tsaiky tsaraikaraiky izikà mifegny magnaiky olobenarô anarô, bakeo miêzaka ho mahihitry isak'andra vaky, mikarakara ny fianakaviana araka izay mifanandrify anarô. Mazotoa bakeo mianara tsara. Irô agnatin'ny fikambanana masiny ndréky firohotana hazoto mivory ndréky magnaraka ny fitsipiky mamehy ny fikambanana.



Fanontaniana : Ambarà toetrin'i Jesoa mampiseho Izy hendry. Ambarà toetrin'i Jesoa mampiseho fa feno fahasoavana Izy.

3. Donia lavitry ny kafiry

Ambarany atsika léra mananatra atsika : « Sambatra olo môra, malemy fagnahy fôtiny handôva ny tany » (Mt 5, 4)

Izikà atsika mizaha ny mikodidiny atsika mahita fa robaka ny tontolo iainana baka amin'ny herisitra, gogory. Zahava vokatry ny fanoroagna hiaka aby iregny, ny fitevena atiala mikodidigny atsika iregny : mampalahelo ndréky mampavozo.



Kafirintsika olombelo mahefa zaka mampihoron-koditry kêla izikà mitohy i zaka ity, tsisy iaignana eky tany mamintsika ity, ity tragnobe iombonantsika jiaby ity.

Apôstolin'ny Fo Masin'i Jesoa atsika, Misiôneran'ny Famindrampo atsika kê anoho vÔgnono halemy fagnahy, hagnalaviry ny ady, handresy herisetra, gogory amin'ny alalan'ny fitiavana ampianaran'i Jesoa. RY JESOA MALEMY FAGNAHY SY MANETRY TENA AO AM-PO : ATAOVY MIRA AMIN'NY FONAO FONAY... Ho ampandôva ny tany ankitiny atsika ndrêky magnorigny ny ho avintsika izikà rango an-dâlagna iziô ity atsika samy mifegny mikobaby ny tontolo iaignantsika mira i Jesoa.

Fanontaniana : Ino maharaty gogory, kafiry ? Ambarà vokatry ny gogory hitanao agnivon'ny fiarahamonina. Ambarà zaka mandrobaka ny tontolo magnodidigny.

4. Tontolo mahitso ... Diosey mahitso... Tontolo feno fanantenana

Mahitso loko, « couleur »-n'ny fanantenana... Manambara ho avy feno fanantenana kà atsika mijery ny hoavintsika, mizaha ny tontolo mikodidiny atsika, tsy misy kafiry, agnatin'ny fiadanana. Manambara aigny kà ny loko mahitso.

Basy kila olo samy mamboly kakazo rango anarô mbala hely iziô io. Kê manjary diosey mahitso diosezintsika.

Fanontaniana : Ambarà ny mahatsara ny tontolo mahitso.

5. Mibiagna nihintsika ny Fon'i Jesoa kê biâfa amin'ny hafa kà ny fonao kê HANJARY MPAMINDRA FO MIRA BABA.

Trobaky ny saboàn'ny miaramila araiky tratra-nany, kê vaky lio ndrêky rano niboaka tao niaraka tamin'izay. Kê ilay nahita manambara ndrêky marina zaka ambarany salakady hainy fa manambara ny marina izy biaka hinoanarô. (Jo 19, 34 -35).



Fo feno fitiavana ankitiny ny Fo Masin'i Jesoa kê tsy vÔly mampianatra atsika i Jesoa. Magniraka atsika Izy hagnabiagna fontsika amin'ny hafa fa indrindra amin-drô tsy misy ampikarakara. Apôstolin'ny Fo Masiñ'i Jesoa anarô izikà magnatareraka i zaka zegny. « Tiana ndrêky tia » atsika ao amin'ny Fo Masiñ'i Jesoa. Anoho Misiôneran'ny Famindrampo amin'ny alalan'ny famelankeloka.

Fanontaniana : Ino mahatsara famelankeloko ?

Ambarà zaka mba nataonao zaraiky manambara fa Apôstolin'ny Famindrampo anao.

Ambarà asa iombonana manambara fa Misiôneran'ny Famindrampo anarô.

6. Aigny ndrêky fanantenana nihinakahy anarô.

Mitoliky aminarô olobe ndrêky ampanabe zaho mamaragna ity taratasy ity : matoky tanteraka anarô zaho fa ho vÔgnono anarô hiaraka ndrêky irô tsaiky, zahanaka, zandry afahan-drô manatantéraka hafatra ity.



Izyefa nambarako matetiky ndrêky inoako fa tsapanarô tsaiky kà izegny. Isaka zaho magnano famangiana anarô marikitry fo-nakahy mandrakariva, anarô tsaiky madiniky fôtiny aigny ndrêky fanantenana nihinakahy anarô. Alô atsika hiaraka ndrêky Fo Masiñ'i Jesoa hanangagna ny ho avy. Magnamia tsodrano anarô zaho ndrêky mivavaka nihinarô. Araraotiko amin'ity hafatra fanentanagna ity manolotra aminarô fiarahabagna Paka Masiñy nihintsika. Enga anie ny fankalazagna an'i Kristy nitsangan-ko velogno nandresy ny ratsy hamporisiky atsika jiaby hivelogno ny famindrampô agnivon'ny fiaintantsika isak'andra vaky.. Ampia zaho afahantsika manangagna ny ho avy miaraka ndrêky i Masina Maria, maman'i Jesoa salakady mamantsika ; izy tsy vÔly mikolokolo atsika. Mivavaha nihinakahy ê !

Hoy Babanarô Monseigneur Marc Benjamin Ramaroson, c.m.
Arsevekan'Antsiranana

Hisy fifaninana tableau vivant mikasika izy Baba Be famindrampo ao amin'i Lioka 15.

Kê manomboko amin'ny Eglisy fiombonagna bakeo mandalo amin'ny Eglisy fôtotro bakeo mandeha amin'ny Eglisy Iraka kê mifargana amin'ny Eglisy Secteur. Misy loka ho an'ny telo voalohany amin'ny secteur

Mi "inviter"nareo Tsaiky 'zaho amin'ny zaikabentsika. Mbola jerena ny daty. Entintsika ambavaka miaraka amin'i Masina Maria.